Covid-19 Antananarivo sy ny manodidina 5

Tsy maharaka intsony ny fandriana asiana ireo marary

Tononkira
MADAGASIKARA TANINDRAZANAY
(Hira faneva MDRM 1947) 4

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 27 marsa 2021 Laharana 1145 Vidiny : 400 Ar

Ankatso sy Vontovorona 5

Mikatona mandritra ny 15 andro

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Vaksinin'ny covid-19 2

Nanaraka ny tenin-dRavalo ihany Rajoelina mitavozavoza

74 taona lasa izay 3

Tsiahin'ny 29 martsa 1947

Fitantanana ny FMF 4

Maniry ny hiverenan'i Arizaka Raoul ny maro

Potika tanteraka izy mivady 6

Tratra ny mosavy sy fandraraka ny tokantranony

Covid-19 2

9 no namoy ny ainy, 190 ny tranga vaovao

Barikadimy Toamasina 6

Vonona hanarina ny lesoka ny Barea

Daka kely

Tsy maintsy manaraka ny kozin'i Zokibe Raiamandreny foana ialahy ry Boaikely a !

VAKSININ'NY COVID-19

Nanaraka ny tenin-dRavalo ihany Rajoelina mitavozavoza

Vaksinin'ny coronavirus, tsy maintsy nanaraka ny tenin-dRavalo ihany i Rajoelina.

Ny 17 Martsa 2021 raha nivahiny tao amin'ny fandaharana "Miara-manonja "ny Filoha Marc Ravalomanana dia namaky bantsilana ny fitavozavozan'ny fitondrana Rajoelina, amin'ny tsy fahasahiana mandray andraikitra, amin'ny fanafarana vaksiny.
Nanitrikitrika mihitsy ny Filoha Ravalomanana tao amin'ny "Miara-manonja"nanao hoe : " ity aho eto, fa tsy maintsy hanafatra vaksiny ireo ary hiverina hiresaka amin'ny Oms".
Ny Sabotsy 20 Martsa 2021 dia namaly tamin'ny fandaharana tao amin'ny Tvm sy Rnm, Ingahy Filoha ary naveriny ny tenin'ny filoha Ravalomanana tamin'ny taon-dasa izay sahy niteny hoe tsy tokony isika malagasy no hanaovana andrana amin'ny vaksiny, fitiavana ny vahoaka malagasy izany, herintaona aty aoriana efa miova ny toe-draharaha, efa vita andrana tany ivelany ireo vaksiny isan-karazany, ny dikan'izany efa tsy tokony hihanahana intsony ny mpitondra. Ingahy Rajoelina araka ny efa nambara tamin'ny laharana farany teo dia mbola nanaraby hoe ny mpanohitra hono no atao vaksiny mialoha, mazava ny tenin'Ingahy filoha fa dia valinteny politika fotsiny izao sady valintenin'olona tezitra. Ireo mpikambana ao amin'ny Akademian'ny Mpitsabo anefa dia nanana fahasahiana nanambara, fa ireo mpiasan'ny fahasalamana no tokony homena ny laharampahamehana amin'ny fisitrahana ny vaksiny, izany no tena fomba fijerin'olona siantifika.
Na dia niedinedina fatratra aza Ingahy Filoha sy niziriziry, fa ny Cvo sy ny Cvo+ ihany no mety amintsika malagasy ary mbola nampiany koa ny hoe, tsy mbola misy vaksiny mahasitrana ny" variant " vaovao hono, ilay Cvo-n'Ingahy filoha anefa na ny koronaviriosy tamin'ny endriny taloha aza vitsy no sitrany mainka f'ilay "variant " vaovao, raha nahomby tanteraka ny Cvo dia tena nitodika taty tokoa ny mason'izao tontolo izao, fa saingy

Ny filoha Marc Ravalomanana, Dada sady tena ray amandreny.

indrisy...
Fa ny zavadehibe aloha dia tsy maintsy nilefitra ihany Ingahy Filoha, ka hanafatra vaksiny ihany ny fitondrana, saingy tsy an-tery ny fanaovana azy, fa an-tsitrapo, na izany aza dia manantena ny vahoaka malagasy fa hisy ny mangarahara tanteraka eo amin'ny fitantanana izay vaksiny ho tonga eo, manomboka amin'ny fanafarana hatramin'ny fitsinjarana azy any amin'ny vahoaka.
Mendri-piderana ireo ao amin'ny Akademian'ireo mpitsabo nahavita nandresy lahatra ny fitondrana, nisy mihitsy aza ny fanetrentena avy amin'ireo manampahaizana, izay nanaiky an-tsoratra fa mbola ho ampiasaina ihany ny Cvo.
Voaporofo ankehitriny ny fahamarinan'ny tenin'ny Filoha Ravalomanana izay nahasahy niteny hoe: " tsy maintsy hanafatra vaksiny sy hiresaka amin'ny amin'ny Oms ireo ", tenin-dray amandreny mitsinjo ny ain'ny vahoaka Malagasy tokoa izany. Hafa ihany i Dada!

Ny Valosoa

Vovonana Miahy

Nanatitra taratasy fitarainana teny amin'ny Mediatora

Manoloana ny olana maro hita eo amin'ny sehatry ny fitantanan-draharaham-panjakàna ankehitriny, dia nametraka taratasy fitarainana teny amin'ny Médiature de la Réepublique, na ny Mediatora, ny vovonana MIAHY tarihin'i Feno Ranaivorazo ny alakamisy lasa teo, araka ny fitarainana maro tonga any amin'izy ireo. Teboka maro no ahitana ny tranga tsy fahatomombanana ka itarainan'ny vahoaka, ka tsy afaka ny hipetra-potsiny manoloana izany ny Vovonana Miahy. Ireto no zavatra notsongaina tamin'ny fitarainana tonga tao amin'ny fikambanana nataony tao amin'ny taratasy naterina teny amin'ny Madiature de la République. Voalohany amin'izany ny tsy fandraisan'andraikitry ny fanjakàna manoloana ny vidim-piainana tsy zaka. Iaraha-mahita fa miakatra isan'andro ny vidim-piainana manerana ny Nosy, manoloana izany anefa dia mitazam-potsiny ny fanjakàna. Ireo fepetra noraisina hatreto dia tsy mbola misy vokany mivaingana amin'ny fampidinana ny vidin'entana. Tsindriana manokana amin' izany ny vidim-bary eny an-tsena efa mahatratra 900 ny kapoaka, nefa foto-tsakafon'ny Malagasy. Faharoa manaraka izany, ny olana eo amin'ny ara-pitantanana eo amin' ny JIRAMA. Efa an-taonany maro no tsy nahitam-bahaolana ny resaka JIRAMA. Ny mpitantana no niova fa ny olana maro tsy voavaha. Milaza ny Vovonana Miahy araka ny taratasy fitarainana nataony, fa tompon'andraikitra feno amin'ny tsy fahombiazan'ity orinasam-panjakàna ity ny mpitondra fanjakàna, ka mangataka izy ireo ny hanaovana fanadihadiana mahakasika ny fitantanana ny orinasa, fa be loatra ny gaboraraka sy ny tsy fahaiza-mitantana ao. Fahatelo, fihoaram-pefy ataon'ny mpitandro filaminana. Ampiasaina ny mpitandro filaminana amin'ny hetsika ataon'ny olom-pirenena, izay hita nandritra ny tatitra saika ataon'ny solombavambahoaka ny 20 febroary teny Analakely. Hita tao anatin'izany ny fanakanan-dalana tampoka tsy nahafahan' ny olona nivezivezy teo afovoan-tanànan'ny Renivohitra, ka tsy nahafahan'ny mpanao asa fihariana teny amin'iny toerana iny niasa nandritra ny tontolo andro. Teo ihany koa ny fisamborana olona tsy nisy antony mazava, fa mety vokatry ny tondromolotra fotsiny. Fahaefatra, tsy fanajana ny zo sendikaly sy ireo fikambanana manao fitakiana. Farany, ny tsy fahazakan'ny sarambabem-bahoaka ny sarany aloa amin'ny fitsaboana sy ny vidim-panafody. Iankinan'ny aim-bahoaka ny hopitalim-panjakàna. Tsy hita mihintsy hoy ny Vovonana MIAHY araka ny fitarainana voarainy ny vahaolana, ka nitondràny izany teny amin'ny Médiature de la République ny fanamaivanana entin'ny fanjakàna amin'ny toeram-pitsaboana eo amin' ny lafiny vola aloa, sy vidim-panafody, izay tena miteraka fahasahiranana eo amin'ny vahoaka maro an'isa. Ireto no sosokevitra atolotry ny fikambanana mikasika ireo fitarainana ireo. Mangataka ny fampienana ny vidim-bary ho 400 ny kapoaka. Omena fanampiana arabola ireo tantsaha mpamboly ary omena subvention ireo mpisehatra ara-bary, mba tsy hahafaty antoka ireo tantsaha hifehezana ny vidim-bary. Fampidinana ireo vidin' entana andavanandro, mba hifanaraka amin'ny fahefa-mividin'ireo sahirana. Fampitoviana ny fokontany rehetra amin'ny fanampiana zarain'ny fanjakàna. Mikasika ny JIRAMA, tsy afaka niasa ny olona nandritra ny confinement, mangataka ny tsy fandoavana sarany 3 volana ho fanalefahana ny trosa sy ny sandan'ny tsy fahatomombanan'ny kaonty sy ny tolotra. Mikasika ireo voasambotra tamin'ny fotoana saika hanaovan'ny depiote tatitra teo Analakely ny 20 febroary dia angatahana ny amoahana azy ireo, mba ho fanajana ny zo fototra hivezivezy sy hanao ny akanjo izay tiany araka ny lokony avy.
Farany, mangataka mba tsy hanaovana ny mpitandro filaminana ho fitaovana politika, ka hamela malalaka ireo mpanao fitakiana haneho ny heviny. Marihina fa nomen'ny Vovonana MIAHY dika mitovy ny fitarainana nataony ihany koa ny CNIDH, fikambanana miaro ny zon'olombelona.

Helisoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Mpitondra tsy ampy solaitra

Manoloana ny tsy fahombiazan'ny tompon'andraikitra voalohany eto amin'ny firenena, dia ny filoha Andry Rajoelina, eo amin'ny fiatrehana izao valanaretina Covid-19 izao, dia inona sisa no azony lazaina? Hiaiky ny hadisoany ve? Ary na hiaiky ny hadisoany izy, tsy hamerina ireo aina nafoy izany? Hampiato ny firongatr'ireo mamoy ny ainy amin'izao fotoana izao ve? Efa nolazaina ombieny ombieny fa ilàna fanetren-tena ny fitantanana firenena, fa tsy nohenoin'i Andry Rajoelina mihitsy izany. Vao mainka ny fanenjehana ny mpanohitra no ataony laharampahamehana. Ny valanaretina efa manafika, saingy tsy nahoany fa ny dokambarotra CVO no ventesina isanandro. Tsy ny tsikera atao aminy no entiny hanatsaràna sy hanitsiana ny tsy mety, fa ireo manoro ny lalana indray no tapenam-bava, enjehina, gadraina. Ankehitriny efa tara. Tsy nahay nanomana paikady matanjaka i Andry Rajoelina entina miatrika izao valanaretina izao, fa variana naka fahefana sy nanenjika ireo tsy mitovy hevitra aminy ary mampiroborobo ny kolikoly. Tonga ny fotoana hijinjany ny nafafiny ary hiatrehany ny vokany. Miakatra ny tahan'ireo marary sy matin'ny Covid-19 ary amin'ny fomba 'exponentielle', izany hoe tena misonga haingana. Tsy niomana tamin'izany ity fitondram-panjakana ity. Ireo 'paramed' miady miatrika ity valanaretina ity àza dia tsy mahazo ny tambinkarama izay zony. Ny miaramila tokony hisahana ny fandriampahalemana indray izao no ampidirina hiady amin'ny valanaretina. Gaboraraka tanteraka ny fitantanana ny firenena. Mpitondra tsy ampy solaitra hoy ny tenin-jatovo no mitantana sy manome baiko ankehitriny. Anio hafa no lazaina, rahampitso hafa indray. Ny adala anefa tsy hanaiky hilaza ny tenany ho adala ka hibebaka amin'ny tsy mety ataony? Ny mpitaty ràn-kena koa manosika etsy andaniny. Ka ho aiza àry ny lalan-kombantsika vahoaka?

Ny Valosoa

Tarehi-marika faran'ny covid-19

9 no namoy ny ainy, 190 ny tranga vaovao

Tarehi-marika faran'ny Covid-19 eto Madagasikara : 9 ny olona namoy ny ainy tao anatin'ny 1 andro, 190 ny tranga vaovao. Olona 9 maty noho ny valanaretina Covid-19 ny 25 martsa 2021 : 1 Analamanga, 3 Atsinanana, 4 Boeny, 1 Analanjirofo. Tafakatra 378 araka izany ny fitambaran'ny olona namoy ny ainy hatramin'izay nidiran'ny valanaretina teto Madagasikara.
190 tranga vaovao hita tamin'ireo 687 nanaovana fitiliana teto Madagasikara ny 25 martsa io ihany : 78 Analamanga, 17 Atsinanana, 22 Diana, 6 Matsiatra Ambony, 18 Boeny, 4 Vakinankaratra, 16 Sava, 3 Atsimo Andrefana, 3 Menabe, 11 Analanjirofo, 9 Ihorombe, 2 Itasy, 1 Sofia. 89 sitrana : 38 Analamanga, 6 Atsinanana, 6 Diana, 19 Boeny, 3 Vakinankaratra, 6 Sava, 3 Analanjirofo, 2 Betsiboka, 6 Sofia.

Niaina

Tarehi-marika farany momba ny valanaretina coronavirus teto Madagasikara.

Ny Valosoa sy hadihady

Fitantanana ny firenena

Tsy voafaritra mazava ny raharaha maika ho an'ny fitondrana

Hizotra mankaiza ny firenena ? Fanontanian'ny mpamakafaka ny raharaham-pirenena io manoloana ny firongatry ny valanaretina amin'ny andiany faharoa ankehitriny, izay hita ho mivatravatra fiavy tsy toy ny teo alohany, sy ny fihetsika miaraka amin'ny fepetra raisin'ny fitondrana. Tsy misy toromarika hentitra sy mazava azon'ny vahoaka raisina amin'ny fepetra ampiharina eto amin'ny firenena. Ny « ady » anefa ity miha-henjana hatrany satria mandavo olona maro isan'andro, ary tsy mitsaha-miakatra ny olona voany manerana ny faritra samihafa eto amin'ny firenena.

Etsy ankilan'izany krizy ara-pahasalamana miha-mivaivay izany, dia mbola mahita zavatra atao samihafa hanariana dia ny vahoaka ihany koa ny fitondrana. Anisany ny nandehanan'ny Praiminisitra tany atsimo, na ny hetsika ara-kolontsaina nizarana mariboninahitra ny mpanakanto fanta-daza eto amin'ny firenena. Tsy ratsy akory izany, fa ny ilain'ny vahoaka dia ny fifantohan'ny fitondrana tanteraka amin'izay hamahana izao olana ara-pahasalamana goavana izao, fa tandindonin-doza ny vahoaka. Iaraha-mahita ihany ireny tsy fahatomombanana teo amin'ny lafiny fitsaboana niatrehana ny ady covid-19 ireny, sy indrindra teo amin'ny lafiny sosialim-bahoaka sy ny fitsinjovana ny vahoaka tao anatin'izany, izay tena nisy lesoka lehibe tokoa, ary tsy mbola nivaha tanteraka mandraka ankehitriny. Saika ny ampahany be amin'ny vahoaka mila fanampiana no niàla maina kanefa dia tsy namakiana loha akory hatramin'izao ary nodiana nikimpiana fotsiny izao. Tsy hita sy re na kely aza izay mba fihetsika na teny nanopaza-maso ireo voailika ireo.

Ny efa nisy tsy voavaha, izao indray manomboka misosoka miandalana ary mandrava ny krizy ara-pahasalamana, izay miara-dalana hatrany amin'ny fidangan'ny vidim-piainana andavanandro. Sahirantsaina ny ankamaroan'ny olom-pirenena amin'izao fotoana izao. Misy fiantraikany any amin'ny fahavitrihana sy ny fihariana izany ary tsy maintsy hipaka vaovao fanampiny indray any amin'ny toekarena. Ny vahaolana entin'ny fitondrana ao anatin'izany anefa tsy hita be ihany, ary tsy mampiraika ny olom-pirenena ho hahomby. Dia mifangaroharo sy mifamahofaho be ihany ny fandehan'ny raharaha. Sarotra ny haminavina ny hoavin'ny firenena ato ho ato.

Sôh'son

74 taona lasa izay

Tsiahin'ny 29 martsa 1947

Feno 74 taona ny nipoahan'ny raharaha 47, ny alin'ny Sabotsy 29 Martsa 1947 no nipoaka ny raharaha tao Moramanga ary niitatra nanerana an'i Madagasikara ny famonoana sy ny fisamborana, nahatratra sivy alina (90000) mahery ireo namoy ny ainy. Roa taona taorian'ny nahavitan'ny ady lehibe faharoa no niseho ny raharaha 1947.

Nijoro ny Firenena Mikambana

Vao vita ny ady lehibe faharoa tamin'ny 8 Mey 1945 dia nifanaraka ireo firenen-dehibe fa atao amin' izay, ny tsy isian'ny ady intsony, satria niteraka fahapotehana ara-toekarena, ankoatran'ny famoizana aina marobe ny ady. Nijoro ny Firenena Mikambana (ONU), ka ny tanjona dia ny fametrahana amin'izay ny filaminana sy fandriampahalemana manerana izao tontolo izao, najoro ihany koa ireo sampan'asa toy ny Unesco, Unicef, Oms, Bit, Onudi, sns… Ny tanjon'ny Firenena Mikambana dia hijery izay mahasoa ny vahoaka erantany amin' ny lafiny ara-toekarena, ara-tsosialy, ary indrindra ny fitandroana ny zo mahaolona, noho izany dia tsy azon'ireo firenendehibe ihodivirana intsony ny fanomezana fahaleovantena ireo tany voazanaka, izay marihana fa nanampy be dia be ireo firenen-dehibe ireo tamin' ny ady lehibe roa (1914-1918) sy (1939- 1945).

Niorina ny Mdrm

Niaina izany rivo-panovana nitsoka manerana an'izao tontolo izao izany, ireo tia tanindrazana malagasy niasa sy nianatra tany Frantsa, ka nifanatona sy nifampiresaka ary dia niroso tamin'ny fandinihana ny fomba iverenenan'ny fahaleovantena satria samy efa nahatsapa f'efa ampy ny nanampiana an'i Lafrantsa tamin'ny ady lehibe roa, koa rariny raha mba hiady ho an'ny tanindrazana amin'izay.

Nifanaraka ireo tia tanindrazana malagasy tany Frantsa ireo, fa hanangana antoko politika ahafahana mifampiresaka milamina tsy misy fampiasan-kery amin'i Lafrantsa. Najoro ny antoko MDRM, na Mouvement Démocratique pour la Renovation Malgache, nahazo fankatoavana tamin'ny fitondrana frantsay io antoko io ny 22 Febroary 1946, tao Neuilly-Paris no foiben-toerany. Nanangana ny antoko, ny Dokotera isany, Raseta Joseph, Ravoahangy Andrianavalona, Rakoto Ratsimamanga, niampy an'i Rabemananjara Jacques, Rabemananjara Raymond William, Raherivelo Ramamonjy, Andriamiseza mirahalahy sns...

Vetivety dia niely taty antanindrazana ny vaovao, ka maro ireo malagasy nirotsaka ho mpikambana taty an-tanindrazana, ny Dr Rakotonirainy Joseph, no Sekretera Jeneraly nisahana ny fandraisana mpikambana sy ny fandrindrana ny antoko.

Nijoro ny Padesm

Natahotra mafy ny herin'ny MDRM ny frantsay, ka nitady ny fomba nanapotehina azy. Mbola ny " zarazarao hanjakana" ihany no fomba nohoverin'ny frantsay fa mahomby, ka nitady hevitra izy ny hananganana antoko iray afaka hifampitana amin'ny MDRM.

Ny 06 Aogositra1946, nahafeno 50 taona ny nahazanatany antsika malagasy, dia nifanaraka ireo tia tanindrazana malagasy niandany tamin'ny MDRM, fa atao andro fisaonana io 06 Aogositra 1946 io, ka tsy hisy gazety hivoaka amin'io, fa raha sendra misy aza dia asiana tsipika mainty ho mariky ny fisaonana. Etsy ankilany anefa dia nivoaka ny laharana voalohany tamin'ny Gazety Voromahery navoakan'ny Padesm ary nahazo ny fankatoavana ara-panjakana ny fijoroan'ny PADESM tamin'io 06 Aogositra 1946 io.

Parti des DESherités de Madagascar no fanalavana ny PADESM, ka ireo Maintienindreny avy eto Imerina no nanangana azy toa an'i Ramambason, Ratsimandrava, Ralibera Albert, sns… Ny tanjon'ny frantsay dia ny hampifandrafy ny Mdrm sy ny Padesm, tsy tontosa anefa izany ka nalefa nanampy tosika ny Padesm indray ireo avy any anindrantany toa an'i Zafimahova Norbert, Tsiranana Philibert, Raveloson Mahasampo, Totolehibe, sns…

Nisy ny fifidianana notanterahina teto Madagasikara talohan'ny taona 1947 nifidianana ireo solontena tao amin'ny " Assemblée Representative", ka voafidy ny Dr Raseta sy ny Dr Ravoahangy, vao mainka naharomotra ny frantsay izany, ka tsy maintsy notadiaviny izay fomba hanapotehina io antoko nekem-bahoaka sy nanahirana azy vazaha io.

Ny alin'ny Sabotsy 29 Martsa 1947 dia nipoaka ny savorovoro tany Moramanga.

(Hitohy)
Ny Valosoa

FANAMARIHANA NY 29 MARTSA

Matahotra ny vahoakaben-dRavalo indray ny fitondrana

Tsy takona afenina, fa misy tokoa ny aretina koronaviriosy ary vao mainka miha-mitombo aza ny isan'ny olona mitondra ny tsimokaretina sy ny mamoy ny ainy.

Nisy ny fepetra noraisin'ny fitondrana mametraka ny fepetra iarovana ny fiparitahan'ny aretina, toy ny famerana ho 200 ny isan'ireo olona afaka mivory, na manatrika lanonana anaty efitrano.

Fa mikasika ny fanamarihana ny 29 Martsa dia nanambara ny fitondrana, fa tsy misy hono ny fanamarihana amin'ity taona ity, marihana anefa fa ankalamanjana ny fanamarihana, fa tsy anaty efitrano mihiboka, noho izany tsy tokony hisy ny famerana ny isa fa ny fanajana ny fepetra no tokony hatao hentitra.

Ny tena marina dia matahotra mafy indray ny vahoakabe zakan'ny Filoha Marc Ravalomanana ny mpitondra, satria raha nalalaka ny fametrahana fehezamboninkazo tao Ambohijatovo, dia azo antoka fa vahoaka marobe no ho tonga hanotrona ny Filoha Ravalomanana sy ny vondron'ny mpanohitra amin'izany, vahoaka ho tonga an-tsitrapo ireo, tsy hoterena na hovozonana, na ho tambazam-bola, fa nasesiky ny fitiavan-tanindrazana, dia ho vasoka tanteraka ny mpitondra dia naleo ny fanamarihana no nofoanana. Ny fanateram-boninkazo dia voalaza fa voafetra ho an'ny mpitondra ihany, eny Avaratrambohitsaina, any Moramanga ary any Manakara. Mbola maneho indray no maha-mpitondra jadona ny fitondrana Rajoelina, satria ny fanamarihana ny tolompanafahana 74 taona lasa izay dia tsy tokony ho an'ny mpitondra irery ihany, fa tokony ho an'ny Malagasy rehetra tsy ankanavaka na misy aza ny covid19.

Mahakasika izay fanamarihana ny faha-74 taonan' ny 29 martsa 1947 izay ihany fa any Moramanga, miomana amin'ny fahatsiarovana ny Tolom-panafahana 1947 ny any antoerana. Nasaina manao "tip top" ny lalana route de la Gare mankeo amin'ny Tsangambaton'ny 29 martsa 1947 any Moramanga ny Sinoa mpanao lalana amin'ny RN44 iny amin' izao fotoana, satria efa somary potika be ihany io ampahan-dalana io ankehitriny, ao amin'ny renivohitry ny Bezanozano.

Ny Valosoa



Ny tsangambaton'ny 29 martsa 1947, etsy Ambohijatovo.

TONONKALO

Alefao ny vaksiny

`Zahay ry boaikely aza rebirebena
Amin`ity ilay tambavy izay tsy nosedraina.
Tsy bitro voalavo `zahay ka terena,
Fa manan-tsafidy satria olo-miaina.

Nareo no tia dehaka sy hoerahoera
Ka faly mitsinjaka sy mitsamboatra.
Mba ny efa voasedra re aderadera,
(Sa tsy afa-mandinika lalina loatra ?)

Mazàna mazàna dia `ty no tsikaritra :
Ilay fidedahana no hita kokoa,
Ka mibahana hatrany "ny mahafinaritra"
Fa tsy dia tazana "ny mahasoa".

...Anatranatra sisa no aleo holazaina,
`Zahay efa miandry an`ilay vaksiny.
Mba ny efa voasedra no aleo ampiasaina,
Fa aza midohika amin`ny anareo iny !

IRINA HO TAFITA (23-03-21)

FANARENANA NY BAOLINA KITRA MALAGASY

Maro ny maniry ny hiverenan'i Arizaka Rabekoto Raoul hitantana ny FMF

Araka ny fanadihadiana nataon'ny gazety tamina mpitia baolina kitra, mpilalao baolina kitra, mpitsara lalao, mpitantana klioba, misy izy ireo ny maniry indray ny hitantanan'i Arizaka Rabekoto Raoul ny FMF, na ny Federasiona Malagasin'ny baolina kitra. Tamin'ny fotoana nitantanany ny federasiona hoy ny fanehoan-kevitra samihafa, mialohan'ny nialany: fandresena 2 no azon'ny Barean'i Madagasikara tamin'izany: nandresy an'i Ethiopia teo Mahamasina ny ekipampirenena Malagasy, nandresy an'i Niger tany Niamey. Tao aorian'ny tsy nahitana azy intsony teto an-toerana nohon'ny raharaha nanenjehana azy

Ny filohan'ny FMF, Arizaka Rabekoto Raoul.

izay azo ambara fa resaka politika anefa, dia faharesena 2 no azon'ny Barea, ary ady sahala 1, ka izay no tokony hamerenana azy malalaka amin'ny fitantana ny FMF indray, hoy ireo olona nanaovana fanadihadiana. Mahakasika indray ny baolina kitra ao anivon'ny tahiry Cnaps, rava ny baolina ao anivon'izany tahirim-pirenena izany tao aorian'ny nanalana azy, na ny orinasa koa aza ankehitriny dia mitsipozipozy, satria araka ny vaovao voaray, vola ao amin'ity tahirim-pirenena ity no anisan'ny anakaramana ny mpanazatra ny Barea Nicolas Dupuis. Raha eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, mbola Raoul no atokisan'ny any ivelany, matoa izy nifidy, nisolotena an'i Madagasikara tamin'ny fifidianana ny ho filohan'ny CAF tany Maraoka farany teo ireny. Ireo izay nanaovana fanadihadiana dia samy nanambara nandritra izany fa hoe : "avereno Raoul".

Ny Valosoa

Vita ny fisaonana

Hiaka-tsehatra amin'izay ny tarika Mahaleo

Nandritry ny fanolorana maribonina-hitra « Grand croix de deuxième classe », ny tarika Mahaleo tetsyAnosy ny Alakamisyteo, dia nilaza i Bekoto tarika Mahaleo, fa vita hatreo aloha ny fisaonana na dia telolahy aza sisa velona tamin-dry zalahy ireto. Hanomboka hiaka-tsehatra amin'izay ny tarika Mahaleo, izay mbola fanombohana ihany aloha, raha ny nambarany ihany. Amin'ny taona 2022 dia hankalaza ny faha- 50 taona nijoroany ny tarika Mahaleo. Misy ihany koa ny fampirantiana ny tantaran'ny tarika Mahaleo, izay notokanana tetsy Ambohidahy, ho an'izay liana amin'izany.

Rajo

Mazotoa mihira

Hitsingerina amin'ny alatsinainy 29 martsa ho avy izao, ny faha-74 taonan'ny tolom-panafahana teto amintsika, tamin'ny 29 martsa 1947. Rariny raha hira tolona tamin'izany no atolotra anao androany. Hira fanevan'ny MDRM: Madagasikara Tanindrazanay. Koa dia mazotoa mihira ary e!

MADAGASIKARA TANINDRAZANAY (HIRA FANEVA MDRM 1947)

1. Madagasikara, Tanindrazanay
Tany sarobidy masina sy soa
Lova soa nomen'ny Razanay taloha
Maty ho anao ny tena lazanay;

Isan'andininy :
Mitsangana ry tanora
Mitsangana aza manana ahihahy
'Zao no andro sady ora
Mijoroa sahia tokoa ho lehilahy.

2. Isika rehetra izao, akanga miara-dia
Tsy azo kotabaina na ravana koa
Ka hitomboan-dahy hiasa re satria
Io no loharano fototry ny soa.

3. Malagasy Ô Handeha hifankatia
Ho mpiralahy tena iray tampo
Ny mifankahala ataovy sanatria
Tena iray tokoa, ny saina sy ny fo.

Mpamorona : Jacques Emma RAHAMEFY / RAHAMEFISON.

Ireo anisan'ny mpitarika ny MDRM;

Sakafo Ny Valosoa

Tsaramaso mena sy saosisy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Maro ny soa azo avy amin'ny papay ho an'ny vatan'olombelona

Maro ny soa azo avy amin'ny papay na paza ho an'ny vatan'olombelona. Misy vitamina betsaka ao amin'ny papay, ahitana acides aminés sy antioxydants ihany koa izy, noho izany miaro amin'ny fahanteran'ny sela. Mahatsara ny vavony ary manasitrana aty sy voa. Miaro amin'ny aretin'ny fo, sy miaro amin'ny homamiadana. Ody kankana natoraly ny voana papay ampiarahana tantely.
Manala fitohanana sy ny farina ny raviny ary indrindra manasitrana prostaty.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Tsaratanana any amin'ny distrikan'i Boriziny, faritra Sofia

Ny tanànan'i Tsaratanana, any amin'ny distrikan'i Boriziny, faritra Sofia indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Tsaratanana ity tanàna ity. Any amin'ny faritra afovoany andrefan'ny faritra Sofia no misy azy. Azo lazaina ho mbola iva toerana izy satria 38 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tsimihety no ankamaroan'ny mponina any, na izany aza, saika hita any avokoa ny foko rehetra eto amin'ny Nosy. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mponina any. Vokatra any Tsaratanana ny vary, ny paraky, ny tongolo, haninkotrana isan-karazany.

Lavo ny andrarezina

Hoy izy ireo : momba an'i Gilbert Raharizatovo

Lavo tamin'ity herinandro ity ny andrarezina eo amin'ny asa fanaovan-gazety sy ny tontolo politika, Gilbert Raharizatovo. Mpanao gazety teo aloha tao amin'ny Radio Madagasikara (RNM), sy ny Televiziona Malagasy (TVM) izy. Efa tonian-dahatsoratra tao amin'ny Radio Madagasikara i Gilbert Raharizatovo, na i Gilbert ho an'ireo namany akaiky azy. Efa talen'ny TVM izy. Teo amin'ny sehatra politika, nanangana ny fikambanana politika Vivre i Gilbert, tamin'ny tetezamita tamin'ny taona 2009, nanangana ny antoko politika RPM. Efa depioten'i Madagasikara teny Ambohimanarina Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra izy, efa ministry ny serasera sy ny kolontsaina. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

Princie Ramanantsoavina (mpanao gazety Basy Vava)
Ndriiii... RIP Zoky Gilbert Raharizatovo. Tena betsaka ny fanoroana sy fampianarana azoko taminy... Tonga any an-trano mihitsy izy tamin'izany... Na hanazava zavatra na hanontany zavatra... indrindra moa fa somary taraiky ny fahavitan'ny zavatra ampanaoviny ahy... sokiriny any mihitsy... ndriiiiii...
Olona mahalala ny ataony mihitsy izy iny... Tamin'izy minisitry ny serasera tamin'ny andron'ny tetezamita no nisamborana ahy sy Dada Evariste Ramanantsoavina tamin'ny 2009. Fa tena nananako alahelo mihitsy izy tamin'izany a! Tamin'ny 2011 izahay tafaraka tamin'ny fikarakarana ny fampodiana ny filoha Didier Ratsiraka teto Madagasikara, dia nohitsiako izy, dia nanazava... Nanomboka teo lasa nifanakaiky izahay mianadahy mianaka... Betsaka ny asa niarahana nanao, ny tetikasa niarahanay namolavola, izay nampivezivezy azy tany an- trano na andro alahady aza... Betsaka ny zavatra noraisiko sy nampihariko tamin'ny natorony... tsy ho raraka an- tany ireny rehetra ireny satria isan'ny naha- toy izao ahy eo amin'ny sehatr'ity asa fanaovan- gazety ity...

Real TV Madagasikara
« Lavo ny andrarezina. Toro vato nodiavina, folaka andry niankinana».
Ny fianakaviamben'ny Real Tv madagasikara dia mampahafantatra antsika ny fodiamandrin'ny namana gilbert raharizatovo, consultant real tv madagasikara. hisy ny tsiaro manokana azy ny alahady 28 martsa ho avy izao @ 8 ora alina. Mirary Fiononana feno ho an'ny Vady aman-janany sy ny fianakaviany iray manontolo ny fianakaviamben'ny REAL TV Madagasikara.

Fah Andriamanarivo (mpanao gazety Matv Madagascar)
Mafy izy ity lehiretsy a.... ankona... Tsy maintsy ekena fa izay no lahatra. Mandria am-piadanana zoky Gilbert Raharizatovo. Misaotra tamin'ny fampianarana sy ny torohevitrao rehetra.

Penjy Randrianarisoa (ben'ny tanàna, mpanao gazety ACEEM Radio)
Raha ny resaka nifanaovanay farany, dia hivahiny ao amin'ny Aceem Radio izy ny alahady atoandro ho avy izao anatin'ny fandaharako Tsikaritra. Indrisy fa lasa ny zokibe Gilbert Raharizatovo. Mandria ampiadanana zoky be a!

Fidèle Razara Pierre (depiote, mpanao gazety Az Radio sy Tv)
Raha noharina tamin'ny hatsaram-bolamena ny feo teo @ haino aman-jery dia 24 carats ny azy, tsisy ady hevitra izany ary tombony lehibe @ fampivoarana ny fahaizamanao eo sehatry ny asa ny fananana zavatra mampiavaka… na dia malahelo aza dia sarotra ny manome tsiny an'Andriamanitra fa isaorana azy ny nanomezany antsika an'i zokibe Gilbert Raharizatovo, satria sekoly nanovozana fahalalana ny asa vitany ... mirary fiononana feno ny fianakaviana… Rip zokibe.

Naina Rabearivony (mpanao gazety teo aloha RNM sy TVM)
VELOMA RA-GILB… Mpandalo tokoa isika eto. Taona maro no niarahan-tsika nihosina nanome aina ny sampana fampahalalam-baovao, na tao @ Rnm Anosy na tetsy @ Tvm Antaninarenina.. Natsiro sy nandratovam-pahalalana hatrany ny Confred isa-maraina.. niaraha-nizaka ny tsindry sy ramatahora nataon'ny mpitondra, fa rehareha niombonana koa ireo fandaharana novokarina namikiran'ny mpijery sy nihondanan'ny mpihaino toy ny Volan'ny maso tsy mba kilema, Imaso, ny Taxi-brousse nampiseho ny zavamisy tetsy @ morgue.. ny fiàinan'ireo voafonja tany Nosy-lava sy Tsiafahy sns… Mipetraka ho tantara ireny, fa soava-dia letsy Gilbert.. veloma any @ dry Sabine Rakotozafy, Eddie Andriamanoro, Seth Ratovoherison, Simonette Rasoampananina sns sns...
Mpanarivo Rakoto (mpanao gazety teo aloha tao amin'ny Midi Madagascar, monina any La Réunion amin'izao fotoana)
"Tsy manan-tsahala". Ary dia tsy hanan-tsahala mihitsy fa mandria am-piadanana Zoky raiamandreny Gilbert Raharizatovo. Miara-ory @ fianakaviany, @ ny namana mpanao gazety ary ny ekipan'ny Real TV manontolo, lavo andrarezina.

Volaniaina Alessandro Alex (mpiserasera facebook)
Miondrika am-panajana manoloana ny fahalasanan'ny zokibe Gilbert Raharizatovo. Tena tohina ny fo. Ankoatry ny maha-mpanao gazety azy dia mpandinika ara-politika nanana ny naha-izy azy izany zoky izany. Mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany sy ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety noho izao fahalasanany izao. Aoka samy hitandrina. Samia tahian'ny Tompo.

Mbinintsoa Ranaivoson (mpanao gazety Fréquence Plus teo aloha)
Gilbert RAHARIZATOVO
Tranga 3 no isan'ny nanamarika ahy tamin'ny fifandraisana taminy :
1- Rehefa niova ny tompon'ny Fréquence Plus dia niantso ahy ho talen'ny famoahana, rehefa vonona fa hiverina amin'ny fomba ofisialy ny Radio dia nanatona an'i Gilbert Raharizatovo aho sy ny ekipako mba hanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny fandaharana politika Sy ny Vaovao tao amin'ny radio, satria izy no minisitra nisahana ny serasera tamin'izany. Faly izy ary namporisika amin'ny asa tadidiko ny teniny: " inona ny conception an'ialahy ao?" Dia novebelariko taminy ny momba ny fandaharana, hanao émission débat izahay hoy aho, notsiahiviny avy eo, fa izy no isan'ny journaliste voaloany nanao émission débat teto Madagasikara, "tsy mora io ry Zandry fa vitan'ialahy io" hoy izy. Dia tena tsy mora tokoa satria mafy izany misy manafika miaraka amin'ny basy eo am-panaovana émission débat izany, mba nikatsaka fandaminana ny tena, ka nampiakatra ireo solontena avy amin'ireo mouvances tamin'izany. Santionan'ilay Sedra nambaran'i zokibe Gilbert io. Rehefa nolazaiko azy ny fomba hitondrako sy ny ekipako ny Vaovao dia mety hoy izy. Ireharehako fa MBA isan'ny be mpanaraka ny vaovaonay, satria niavaka na ny endriny na ny votoatiny.
2/ Nanamarika ahy ny disadisa nisy teo aminay niainga tamina fandaharana natao izay noheverin'i Gilbert Raharizatovo, fa nanala baraka azy, tsy fahazoana resaka anefa ilay izy ka niala tsiny izy, iderako azy fa na minisitra aza izy tamin'izany dia nanana "humilité". Izaho ihany koa moa rehefa hoe manana ny marina dia mijoro. Nitohy foana ny fifandraisana taorian'izay.
3/ Rehefa consultant tao amin'ny SKY ONE izy ny taona 2018 dia niantso ahy raha mazoto hiandraikitra ny fandaharana politika sy ny Vaovao politika tao, nolaviko anefa rehefa nandeha ny resaka noho ny antony manokana, ni-comprendre izy na hitako ho nalahelo aza.
Farany, nanamarika ahy ny adi-hevitra momba ny raharam-pirenena rehefa mihaona aminy , resaka avolenta be, mila manakatra be ianao. Tiko ny fomba fanoratany "style de rédaction". Mandria am-piadanana zokibe.

GILBERT RAHARIZATOVO

Halevina any Ambatomanga Manjakandriana anio

Hiainga anio maraina eny Andoharanofotsy misy ny trano fonenany ny nofo mangatsiakan'i Gilbert Raharizatovo mpanao gazety, ary halevina any an-tanindrazany any Ambatomanga Manjakandriana. Efa minisitry ny serasera sy ny kolontsaina tamin'ny fitondrana tetezamita izy, efa solombavambahoaka voafidy teny Ambohimanarina ihany koa ary amin'ny mahampanao gazety azy dia mpamakafaka pôlitika, no tena nanavanana ity andrarezin'ny asa fanaovan-gazety ity. 73 taona ny lehilahy izao nodimandry izao,izay voalaza fa aretin'ny taovam-pisefoana no nahafaty azy. Mirary fiononana ho an'ny fianakaviany ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

Rajo

Covid-19 Antananarivo sy ny manodidina

Tsy maharaka intsony ny fandriana asiana ireo marary

Miha-mitombo hatrany amin'izao fotoana ireo olona mitondra ny tsimokaretina corona eto amintsika. Noho izay antony izay, saika feno avokoa ny toeram-pitsaboana eto Antananarivo sy ny manodidina. Mitombo be ny isan'ireo olona miditra hopitaly eto Antananarivo sy ny manodidina, tsy maharaka intsony ny fandriana asiana azy ireo.
Voalaza fa efa misy fepetra noraisin'ny fitondrana ny hanokafana toerana hafa handraisana ireo marary. Anisan'ny olana ihany koa ny tsy fananan'ny hopitaly toby famokarana oxygène, fa voatery atao amin'ny tavoahangy lehibe izany, izay mananosarotra ihany koa amin'ny fitsaboana ny fibatabatana azy. Misy koa anefa ireo fitaovana madinika azo bataina hanomezana oxygène tsikelikely arak'izay filan'ilay marary (concentrateur), novidian'ny fanjakana tamin'ny andiany voalohany tamin'ity valanaretina ity, fa ho an'ireo marary sasany dia tsy mety izy ireny, fa mila oxygène mitohy izy, ka miterika ny fahasarotana. Ankehitriny dia efa nantsoina hanampy ny mpitsabo ireo mpianatra ho dokotera. Miandrandra kosa anefa izy ireo ny hanomezana fitaovana fiarovana ho azy, tohana ara-bola amin'ny asa sarotra ataony. Mbola tsy vita moa ny an'ny Paramed ny fitakiana nataony, na izany aza miezaka miasa hatrany izy ireo.

Stefa

Ankatso sy Vontovorona

Mikatona mandritra ny 15 andro

Noho ny valanaretina coronavirus izay miverina miparitaka indray tato ho ato, miato mandritra ny 15 andro ny fampianarana eny amin'ny Oniversiten' Antananarivo eny Ankatso, sy eny Vontovorona. Anisan'izany, miato ny asa fampianarana rehetra eo anivon'ny Faculté, na toeram-pampianarana ambony EGS: Économie, Gestion et Sociologie, hanomboka ny talata 30 Martsa ho avy izao, ka hatramin'ny 11 Aprily. Ny daty voatondro hanaovana fanadinana sy ny fizarana vatsim-pianarana kosa tsy misy fiovana. Misy kosa ny "service minimum" ny tapany maraina ho an'ireo birao rehetra.
Noho ny valanaretina covid 19 koa, hiato mandritra ny 2 herinandro ny fampianarana eny Vontovorona. Amin'ny fisian'ny valanaretina Covid-19 miely ao amin'ny Polyteknika dia nanapakevitra ihany koa ny tompon'andraikitra any an-toerana fa : hampiato ny asa fampianarana rehetra (cours, soutenance, ...) mandritra ny 2 herinandro manomboka ny 29 martsa 2021. Manao service minimum ny administration, na ny fitantanan-draharaha. Afak'omaly vao voazara ny vatsim-pianarana, noraisina lelavola, 4 volana sy fampitaovana, ankoatr' ireo izay mbola tsy vita digitalisation. Nanao tsipaipaika ireo mpianatra ho fanonerana ilay latabatra hazo fivarotan'ireo mpivarotra simba.

Niaina

BARIKADIMY TOAMASINA

Vonona hanarina ny lesoka ny Barea

Vonona ny hanarina ny lesoka any Barikadimy Toamasina ny Barean'i Madagasikara eo amin'ny baolina kitra. Efa hatramin'ny alakamisy tolakandron'ny faha-25 martsa 2021 lasa teo, no an-tanindrazana ny mpilalaon'ny Barean'i Madagasikara, avy niatrika ny lalao tany Ethiopie tamin'ny alarobia lasa teo. Avy hatrany dia niondrana nankany Toamasina izy ireo hanomana ny lalao manaraka, hifanandrinana amin'ny ekipam-pirenen'i Niger, ao amin'ny kianja Barikadimy Stadium amin'ny talata faha-30 martsa 2021 ho avy izao. Taorian'ny faharesena 4-0 nanoloana an-dry zareo Ethiopiana dia nilaza ny fahavononany hanarina ny lesoka tamin'io lalao io ry Bôlida sy ny namany. Efa nanamarika an'izany ny mpanazatra Nicolas Dupuis tamin'ny valandresaka taoarian'ny lalao tany Ethiopie, ka nilazany fa efa nanomboka tamin'ny fialan-tsasatry ny lalao nifanaovana tamin'ny Ethiopiana izy dia efa nanomana sahady ny tetika hiatrehana ny lalao hihaonana amin'i Niger io. Raha tsiahivina kely ny fandehan'ny fihaonana tamin'ny andro faha-5 nifanandrinana tamin'ny Ethiopiana tamin'ny alarobia teo dia niaiky ny mpanazatra Nicolas Dupuis, fa nahery noho isika ry zareo Ethiopiana tamin' iny nandresena antsika 4-0 iny. Afaka nanomantena fatratra ry zareo, hoy izy, raha tsy nahavita nanoman-tena niaraka ny Barea sady teo ihany koa ny adin-tsaina tamin'izay mety ho tsy fahafahan'ny mpilalao maro hamonjy ny ekipa. Tamin'ny ankapobeny aloha, raha ny fahitana azy dia tsy tafiditra tamin'ny lalao mihitsy ny Barea tamin'iny fihaonana tamin'i Ethiopie iny, fa ny an-dry zareo kosa dia nety tsara ny natao. Tsy mainty mitady fandresena ny Barea any Barikadimy raha te ho tafita indray any amin'ny fifaninanana CAN toy ny tamin'ny 2019.

Ny Barea tany Ethiopia.

Rainilita

Karate Seksiôna Antananarivo-Renivohitra

Namboly hazo teny Tsimahabeomby Andramasina

Ny fianakaviamben'ny mpikatroka karate ao amin'ny "Section Antananarivo Renivohitra", avy amin'ny klioba 12 mandrafitra azy dia nanatanteraka fambolen-kazo niraisana tamin'ny alahady 21 martsa 2021 lasa teo, teny amin'ny kaominina Andramasina – Vohitra Tsimahabeomby ao amin' ny fokontany Ambohimarina. Zanakazo niisa 200 isa no nambolena tamin'izany, teo ambany fitarihan'ny filoha vaovao, Ramaroson Andry, zanaka am-pielezana sy ny ekipany. Natao tamin'io koa ny fanokafana ofisialy ny taom-pilalaovana 2021, sy ny fampahafantarana ny tetikasa ary ny tanjona ho tratrarin'ity seksiôna ity. Nofaranana tamin'ny fanazaran-tena mirindra na KIHON, nandraisan'ny mpikatroka rehetra anjara sy fiarahamisakafo ny lanonana.

Rainilita

Mpikatroka karaten'ny seksiôna Antananarivo –Renivohitra namboly hazo.

Potika tanteraka izy mivady

Tratra ny mosavy sy fandraraka ny tokantranony

Dia gaga ialahy hoy ny mpitazana raha nahita ireto mpivady ireto. Mpanankarena sady mpanefoefo mantsy izy roa ireto ary mpila ravinahitra avy any Antsirabe, no nahatongavany teto Antananarivo. Zara raha mba nisy vola niainana izy mivady teo aloha saingy tafita avy eo. Nanjary nahazo trano, fiara, fananana samihafa ihany koa. Tsy nisy ny naha-ory, fa izay tadiavina sy iriana dia azo sy tonga ao aminy avokoa. Salama tsara izy mivady ary manan-janaka sy mpiasa ihany koa. Tsy vitan'ny hoe manankarena fotsiny ihany, fa sady mpivarotra mpamongady ihany koa. Manginy fotsiny ny fidiram-bola hafa satria rehefa mety ny atao dia mampidi-drano hatramin'ny sahobakaka. Sahy nilaza mihitsy izy roa fa heniky ny hasambarana ary tsy hahantra intsony mandra-pahafaty.

Ravan'ny fandraraka izy mivady

Raha toa ka tsy nisy naha-ory azy mihitsy izy mivady , tampoka teo dia nivadika ny rasa. Nanomboka rava ny fananana, nanjary tsy nahatambabola intsony, nikorosy fahana tanteraka ary lasa nidiran-trosa avy eo. Tonga ny mpitaky trosa, ny hanefana azy tsy misy, nivadika narary hatramin'izy mivady ary ady lava sisa no niainana. Nanomboka teo dia namidy ny trano nitsaboana tena, tsy mbola ampy izany dia namidy koa nyfiara fa tsy mbola ampy ihany. Ireo olona nananan-trosa tsy nisy namerina, ny teo ampelatanana fongana sy ritra ary niafara tamin'ny fisarahana mihitsy. Nakorain'ny mpitazana sisa izy roa ary saika tsy nahavoaka ny trano hatramin'ny zanany mihitsy, fa menatr'olona. Teo vao tonga saina ny havan'ilay ramatoa, ka niantso an'i Mr Aina mpitsabo tamin'ny 03383 481 63 sy ny 03429 026 68 eny Itaosy, satria fandaharana tamin'ny Ma-Tv sy hitany tamin'ny gazety ny fahaizan'ity mpitsabo malaza ity, ka nataon'izy ireo haingana izay hihaonana taminy teny am-piasany.

Navotan'ny sorabe izy mivady

Zao no mahazo anareo hoy ity mpitsabo ity : tratry ny fandraraka ianareo satria fialonana io. Tsy zakan'ny sasany ny harenareo sy ny fanananareo hoy izy, ka nataony izay hamotehana anareo. Amin'izay mantsy dia izy indray no manjaka sy tompon'ny vola rehefa potika ianareo. Mosavy tamin'ny alàlan'ny fandraraka io hoy izy, ka tsy maintsy karakaraina haingana. « Sorabe spéciale » niampy fanefitra manokana no nampitondrainy azy ireo avy eo. Vantany vao nampiasa ilay fanefitra izy roa dia gaga sy talanjona fa nanomboka niverina ny fananana, tonga nanatitra ny trosany ireo mpanjifa, niravina ny disadisa teo amin'izy mivady ary nanjary tafaverina moramora ireo fananana lafo teo aloha. Telo volana taty aoriana dia tafavoaka indray izy mivady ary efa milamina sy salama tsara ankehitriny. Niaiky izy ireo fa « pouvoir » manokana mihitsy angamba no ananan'io mpitsabo io matoa isika tafarina indray raha efa kivy tanteraka sy potika teo aloha. Samy manana ny fahaizany tokoa ny olona hoy izy, ka aza miady amin'ny henjana.

Namana

Andro faha-5 fifanintsanana CAN 2022

Firenena 6 indray no tafita ho any Cameroun

Taorian'ny andro faha-5 nanaraka notontosaina tamin'ny alakamisy 25 martsa 2021 teo, amin'ny fifanintsanana baolina kitra afrikana hahazoana miatrika ny CAN 2022 dia Firenena miisa 6 no fantatra, fa nahazo tapakila handehanana any Cameroun hiatrehana ny CAN 2022 io : Gabon, Égypte, Ghana, Guinée équatoriale, Gambie ary i Comores. Sambany i Gabon sy Comores no hiatrika an'ity fifaninanana ity hatramin'izay niforonany. Ireo vokatra rehetra azo tamin'io alakamisy io : Gambie 1 – 0 Angola (D) Afrique du Sud 1 – 1 Ghana (C) Zambie 3 – 3 Algérie (H) Kenya – 1 – 1 Egypte (G) Libye 2 – 5 Tunisie (J) Guinée Equatoriale 1 – 0 Tanzanie (J) Comores 0 – 0 Togo (G) Gabon 3 – 0 Rd C (D) Botswana 0 – 1 Zimbabwe (H).

Rainilita

Tafita ho any Cameroun i Comores.

Toeram-Panofanana Mpitandrina Ivato

Mitohy ny asa sy ny fifanome-zan-tànana amin'ny 3FA

Mitohy ny asa famitana, sy fampitaovana ary fanatsarana ny toeram-panomanana mpitandrina eny Ivato ankehitriny. Raha tsiahivina, taorian'ny antso nataon'ny filohan'ny Fjkm, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi teny amin'ny Coliséum Antsonjombe ny alahady 17 Janoary 2021 lasa teo, dia nanoina ny antso nataony tamin'izany ny 3FA, na Fampitaovana-Famitana-Fanatsarana ny toeram-panomanana mpitandrina Ivato amin'ny fanohanana ny asa eny an-toerana. Taorian'izay dia efa nandray anjara tamin'ny fampitaovana ireo mpianatra mpitandrina ny 3FA, toy ny fanomezana fandriana, latabatra, seza, dabilio ankoatry ny varavarana ihany koa. Mbola betsaka anefa ny asa miandry toy ny tsy mbola fahampian'ny trano fandrahoana sakafo, ny toeram-pivoahana sy fidiovana, ary mbola ezaka miandry koa ny fananganana toerana fanangonana rano eny an-toerana. Santionany ireo ankoatry ny ezaka samihafa mbola ho tanterahina. Manana kaonty any amin'ny banky ireto 3FA ireto ary azon'ny rehetra tsy ankanavaka atao ny manohana ara-bola amin'ny 03296 025 45, ny 03314 250 37, ny 03414 620 15 ary mahazo rosia ara-dalàna izay vonona hanohana, saingy tokony hanome mazava ny adiresiny tsara ho an'ny mpitarika kosa izy ireo. Efa manana« compte facebook » ihany koa izy ireo, izay natao handraisana ny hetaheta sy ny hevitra fanatsarana avy amin'ny mpanohana. Mpitarika, ihany ny 3FA, fa ny vahoaka tsy ankanavaka dia afaka manohana sy miaramiasa, ho famontosana filazantsara ny nosy Madagasikara. Nanamafy izay tolo-tànana sy fifanohanana izay ny 3FA, satria mitohy ny asa ary nanatanteraka fihaonana tamin'ny mpanao gazety izy ireo teny amin'ny CFD Ampandrana.

Rajo

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 27/03/2021 hatramin'ny 03/04/2021

- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 22 370 03/034 22 370 03
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 22 370 03/034 22 370 03
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 22 370 03/034 22 370 03
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 22 370 03/034 22 370 03
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 22 370 03/034 22 370 03

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1145-03-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

HERY RAJAONARIMAMPIANINA

Tena manahirana ny toe-draharaha arapahasalamana sy sosialy aty Madagasikara

Tena manahirana ny toe-draharaha arapahasalamana sy sosialy aty Madagasikara, hoy ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina, niresaka tamin'ny senatera Frantsay Christophe Frassa, tany amin' ny Antenimierandoholona tany Frantsa. Ny senatera Christophe Frassa dia loholon'ireo Frantsay any ivelan'i Frantsa. Noresahan'ny roa tonta nandritra izao fihaonana izao ny mahakasika ny olana arapahasalamana misy eto amintsika amin'izao fotoana, noho ny valanaretina coronavirus, ny mahakasika ny fifandraisana eo amin'ireo firenena aty amin'ny faritry ny Ranomasina Indiana. Izao no midika, fa mbola manaraka ny raharaham-pirenena aty Madagasikara ny filoha teo aloha Rajaonarimampianina, na monina any ampitan-dranomasina aza izy ankehitriny. Ity senatera Frantsay ity ihany koa no filohan'ny Vondrona Frantsa sy Afrika afovoany, ary filohan'ny vaomiera politika ao amin'ny Antenimiera Parlemanteran'ny Frankôfônia.

Ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina (ankavia), sy ny senatera Frantsay Christophe Frassa.

hakasika ny raharaha politika sy sosialy eto Madagasikara, ny momba ny Frankôfônia ary ny ny ma-

Stefa

Befotaka distrikan'i Mahabo

Mirongatra ny kijeja sy ny andiam-balala, ahiana ny mosary

Mirongatra ny kijeja sy ny andiam-balala amin'izao fotoana any Ankiliabo, kaominina Befotaka, distrikan'i Mahabo faritra Menabe. Araka ny vaovao voaray avy any an-toerana, velaran-tany mirefy 30 ha eo no rakotra kijeja sy andiam-balala. Noho izay antony izay, ahiana ny mosary, satria fotoana maha teraka ny vary izao, sady mahavokatra ny katsaka ihany koa. Tandindonin-doza ny any antoerana amin'izao fotoana, ny maraina no tena ahitana ireo kijeja sy andiam-balala, ka manararaotra misambotra izany ny mponina any an-toerana, hatao laoka. Mahatratra 200 ka hatramin'ny 300 Ar ny kapoakan'izany valala izany.

Aly

Mpiofana tao amin'ny Secren SA

Nantanteraka fambolen-kazo sy fanadiovana tany Ramena

Toy ny fanaony isan-taona, nanatanteraka fambolen-kazo sy asa fanadiovana tany amin'ny tora-pasik'i Ramena, distrikan'Antsiranana faha-2, faritra Diana, ireo mpiofana teo aloha, tao amin'ny foibe fiofanana arateknika sy arak'asa tao amin'ny orinasa Secren na CFTPS, ny herinandro lasa teo. Manana toeram-pitsangatsanganana sy fialamboly any Ramen any orinasa Secren SA, ka tamin'izany toerana izany no nanaovan'ireo mpiofana sy mpiasa amin'ny orinasa ireto, izaao hetsika fiarovana ny tontolo iainana izao. Namaranana ny fotoana tamin'izany ny fifanakalozan-kevitra, sy fanamafisana ny firaisankina ary ny fihavanana eo amin'ny samy mpiasa, sy ireo mpiofana teo aloha tao amin'ny CFTPS ary famelabelarana narahina ady hevitra momba ny ho avy sy ny fampandrosoana ny orinasa Secren, izany dia niarahana tamin'ny tale jeneralin'ny orinasa Ntsay Abel.

Aly

Ireo mpiofana teo aloha tao amin'ny CFTPS Antsiranana, nanao hetsika fiarovana ny tontolo iainana tany Ramena.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 342



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0341)

Mitsivalana
- Menarana
- AN – Aby
- Itony – Ma (miv)
- Zoma – (M)aki
- Ineny – AV
- Na – Donto
- Matory

Mitsangana
- Maizina
- Entona
- Ome
- Nanda
- Ray – Toy (miv)
- Ba (miv) – No
- Niakatr(a)
- Mivoy

TENY MIFANARAKA **N° 342**



Mitsivalana

1. Mpitandro filaminana – Heloka **2.** Hazo maro – Lavo **3.** Jirika, jiolahy **4.** Fotoana – Simba, masiso **5.** Fifidianana **6.** Hita amin'ny trano avo **7.** Hisondrotanao **8.** Mena lalandava (miv) – Anoloana **9.** Tampisaka – Natoky (miv) **10.** Ampela (miv) – Miresaka (BL)

Mitsangana

A. Fitafiany **B.** Vahoaka – Foto-tsakafo Malagasy (miv) **D.** Fonenana mandrakizay – Eny **E.** Ronjina, tsiry, tombo **F.** Tsara – Mitovy (BR) **G.** Voamaina **H.** Heno – Sakana (miv) **I.** Tofoka (miv) – Vohitra **J.** Zava-maranitra – Tsofoka Mpifanao **K.** Aro moka (BL) – Loza

Valiny Teny mifanaraka 0341

Mitsivalana

1. (L)avo - Tandra (miv) 2. Lavabe - Ora 3. Adidy - In 4. Hi - Atody (miv) 5. Nisarika (miv) 6. Doka - DR (miv) 7. (G)isa - Rapeto 8. Mino (miv) - (B)oina 9. Tromba - An(a) 10. Ambaniala (miv)

Mitsangana

A Alahady B. Vady - Aroso D. Ovy - Lonaka (miv) E. Adika - Aminy (miv) F. Abidy - Omby G. Re - Toro - Na (miv) H. Ota - Eo I. No - As - Py J. Ary - Manary (miv) K. Tanindrana

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny vovonana MIIAHY nanatitra taratasy teny amin'ny Mediatora.

Ny fahatongavan'ny Barea teto an-tanindrazana sy ny Barea tany Etiopia.